

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Voahangy Be Vidiny

Voavidy tamin’ny vidy lafo aho;
an’Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ao amin’ny Matio 13:45–46, Jesosy dia nanao fanoharana, izay araka ny hevitro, dia mamaritra amin’ny fomba tsara indrindra ny fahagagana ny amin’ny famonjena antsika:

> "Ary koa, ny fanjakan’ny lanitra dia tahaka ny mpandranto anankiray izay nikatsaka vato soa; ary rehefa nahita vato soa iray saro-bidy izy, dia lasa nivarotra ny fananany rehetra ka nividy azy."

Ho ahy, ity fanoharana ity dia maneho ny fanavotana ny ain'olombelona. Jesosy no mpandraharaha—tsy mpizaha tany na mpitsidika, fa lehilahy iray izay niasa tamin’ny vato soa nandritra ny androm-Piainany rehetra—ary Fantany ny tena lanjan’ny vato soa tsirairay. Ny vato soa izay Novidiny dia ain’olona iray ihany—ny anao na ny ahy. Namoizany ny Fananany rehetra, zava-drehetra Nananany.

Nohavaozina tamin'ny kolontsainantsika ankehitriny, azoko sary an-tsaina ny zava-niseho rehefa nanambara ny vaovao tamin'ny vadiny ilay mpandraharaha.

"Malala, namidiko ny fiarantsika."

“Namidinao ny fiarantsika! Eny e, farafaharatsiny mbola manana tafo hialofan’ny lohantsika aza isika.”

“Tsia, namidiko ihany koa ny tranontsika!”

“Inona no nahatonga anao hanao izany rehetra izany?”

“Nahita vato soa tsara tarehy indrindra aho. Nitady vato soa toy izany aho nandritra ny fiainako manontolo. Lany daholo izay nananako. Andraso mandra-pahitanao azy!”

Inona no dikan'izany amiko sy aminao? Afaka maka sary an-tsaina ny tsirairay amintsika ho toy ilay vato soa iray izay saro-bidy loatra izay mendrika ny zava-drehetra nananan’i Jesosy—na ny Rany manokana aza.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa nividy ahy Ianao. Manambara aho fa izaho ilay vato soa saro-bidy novidin'Andriamanitra. Efa olom-boavidy aho; An'Andriamanitra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-192-MLG

Nohavaozina farany: 13 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis